Ireo toerana ahitanao ny Bibliothèque Chrétienne :

ANTANANARIVO
Lot IV L 39 D - Anosivavaka Ambohimanarina
101 - Antananarivo
Lalan'ny Bus 194 Akaikin'ny Pâtisserie Le Clafoutis
Tél. : (261 20) 23 330 67 Portable : 032 42 552 35
033 15 552 35
E-mail : bibliothequechretienne@gmail.com

ANTSIRABE
Lot 0512-A-235 *(Ex Primevère)*
Avenue Ralaimongo
Tsarasaotra
107 - Antsirabe
Portable : 034 04 699 11

TÔLAGNARO
BP 184
Bazar kely
614 - Tôlagnaro
Portable : 033 21 236 44

Librairie Ny Mpamafy
IA 48 bis Avenue Grandidier
Isoraka (face FJKM Isotry Fitiavana)
Portable : 034 14 552 35

TOAMASINA
BP 567
Boulevard Joffre
Portable : 033 06 655 30

Ny Andriamanitsika dia tia antsika, araka izao maha-isika antsika izao. Tia antsika mihoatra lavitra noho izay mety hosaintsainintsika Izy.

Kanefa, satria Andriamanitra masina sy marina Izy, dia voninahiny ny mitsara ny faharatsiana araka izay mendrika izany.

Koa amin'ny fomba ahoana àry no ahafahan'ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny **fitiavany** antsika hiara-mitoetra?

"Izao no nanehoana ny fitiavan'Andriamanitra antsika: Andriamanitra naniraka ny Zanany Lahitokana tamin'izao tontolo izao, mba ... ho avotra noho ny fahotantsika."(10)

Mba hamonjena antsika, dia nisy olona iray nohelohina teo amin'ny toerantsika.

Nirahin'Andriamanitra ho etỳ an-tany ny Zanany. Nahafaly indrindra ny Rainy i Jesoa Kristy, satria Izy irery no nanatanteraka feno ny sitrapony manontolo.

Koa nataon'Andriamanitra sorona Ilay tiany.

Teo amin'ny hazofijaliana tao Golgota i Jesoa Kristy dia niaritra ny fanamelohan'Andriamanitra rehetra tokony ho nozakaintsika mandrakizay. **Maty nisolo toerana antsika Izy, ary ny rany no manadio antsika ho afaka amin'ny ota rehetra.** Tonga hatramin'izany ny fitiavan'Andriamanitra antsika.

Noho ny sorona nataon'i Kristy, dia voavonjy ho afaka amin'ny fitsarana mandrakizay ny fanahintsika.

"Manana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tompontsika (isika) ... amin'ny finoana."(11)

Tsy tokony hanonofinofy isika hoe hanakimpy maso manoloana ireo fahotantsika Andriamanitra satria "tsara". Ny Andriamanitsika dia tsy mandefitra; fitiavana Izy, marina sy mahitsy.

Tsy hay vidina amina asa soa atao ny fankasitrahany. Na oviana na oviana ireo dia tsy hahonitra na dia fahotana iray monja nataontsika aza.

"Tahaka ny lamba mihosin-dra ny fahamarinanay rehetra."(12)

Ny fandavana anio ny fitiavan'Andriamanitra dia fanolorana ny tena hiatrika Azy amin'ny maha-mpitsara Azy, aorian'ny fahafatesana.

Fa raha miaiky isika fa meloka ary mino fa noefain'i Jesoa teo amin'ny hazofijaliana ny saran'ny famonjena ny fanahintsika, dia hanana fihavanana amin'Andriamanitra.

Fifaliana tsy misy fiafaràny no hameno ny fontsika, ary tsy hisalasala intsony isika hanatona an'Andriamanitra. Ho azontsika fa afaka matoky Azy tanteraka isika ary hovimbininy mandritra ny androm-piainantsika.

Vakio ny Baiboly, dia ho hitanao ny fitiavan-dehibe omen'Andriamanitra anao.

Ho hitanao ao amin'ny Baiboly ireto andininy notanisaina ireto:
(1) 1 Jaona **3**. 1; (2) Eksodosy **34**. 6-7; (3) Apokalypsy **3**. 20; (4) Salamo **19**. 1; (5) Genesisy **2**. 7; (6) Salamo **14**. 1; (7) Salamo **99**. 9; (8) Romana **3**. 22-23; (9) Jeremia **3**. 12-13; (10)1 Jaona **4**. 9-10; (11) Romana **5**. 1-2; (12) Isaia **64**. 5.

Azonao jerena amin'ny site: http://lappel-lappelauxjeunes.fr

ANTSO
N°004-618

Nahoana no mandositra an'Andriamanitra ?

« Endrey! Manao ahoana ny fitiavana nasehon'ny Ray ho antsika, dia ny niantsoana antsika hoe zanak'Andriamanitra!" » *(1)*

« Tsia, misaotra, tsy ho ahy izany! »

Matetika no andrenesana izany valin-teny izany, rehefa voatonona ny anaran'**Andriamanitra** na ny an'i **Jesoa Kristy**. Nanjary tsy zaka intsony ny filazana izay ambaran'ny **Baiboly**.

Arakaraka ny fandraisantsika zavatra, ny fomba fiainantsika, ny toe-pontsika, ny zavatra niainantsika, dia misy akony manokana amintsika ireo teny ireo. Azo antoka fa ny fiainantsika teo aloha dia vonton'ny fahatsiarovana sy ny traikefa mety nananantsika momba an'Andriamanitra.

Nahoana no minia tsy hiresaka ireo lohahevitra ireo ?

Efa mikorontana sahady ve ny fieritreretantsika raha vao mamaky ireo teny ireo fotsiny?

Nahoana no mandà na dia ny hanonona azy ireo fotsiny aza? Mahatsiaro tena ho meloka ve, sa matahotra izay ho vokany, na noho ny avonavona?

Azontsika antoka ve fa fantatsika ny tena dikan'izy ireo?

Mba tiako hampahafantarina anao hoe iza marina moa io Andriamanitra resahin'ny Baiboly io, inona ny fiheviny momba ny olombelona, ary iza moa i Jesoa Kristy.

"Jehovah, Andriamanitra mamindra fo sy miantra, mahari-po sady be famindràmpo sy fahamarinana, ... mamela heloka sy fahadisoana ary fahotana."(2)

Meteza hanilika ireo fihevitrao an-tendrony.

Maneke hanatona an'Andriamanitra anio, amin'izao toerana misy anao izao, na inona na inona toe-panahy anananao. Matokia fa tsy manery na iza na iza Andriamanitra ary tsy hanameloka anao, fa tiany ny hizara amin'ny olona rehetra ny fitiavany sy ny fahasoavany.

"Indro, efa mitsangana eo ambaravarana Aho ka mandondòna; raha misy mihaino ny feoko ka mamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho ka hiara-misakafo aminy, ary izy amiko."(3)

Ny hoe manatona an'Andriamanitra, dia tsy miditra ao anaty antokom-pivavahana tsy akory na mametraka ny tena ho eo ambanina lalàna...

Fa mamaky sy mihaino ny Baiboly, izay Teniny.

Voalohany aloha, dia asehony antsika Izy ho toy ilay Andriamanitra tokana, Mpahary izao rehetra izao: ny tontolo sy ny zavamananaina.

"Ny lanitra mitory ny voninahitr'Andriamanitra; ary ny habakabaka manambara ny asan'ny tanany."(4)

"Vovo-tany no namoronan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ... dia tonga olombelona izy (tonga manana aina ny olona)."(5)

Ny fiheverana hoe misy "mpahary" dia midika fa eo ambany fahefany isika ary mampilaza fa tsy maintsy ampamoahana ny amin'izay nataontsika isika. Mety ho zava-mahatahotra izany, raha heverina hoe tompo masiaka ilay ambony noho isika io. Nefa…

...Inona no tena zava-misy?

Ny hatsaran'ity tany ity sy ny firafitra saro-pantarina mampirindra ny vatantsika dia manambara amin-kery ny halehibeazan'Andriamanitra. Manoloana izany isika dia tsy misy ho afa-tsiny mihitsy!

Ny fandàvana izany dia fanaovana tsinontsinona an'Andriamanitra:

"Ny adala manao anakampo hoe: Tsy misy Andriamanitra."(6)

Dia mbola vakiantsika koa hoe:

"Masina Jehovah Andriamanitsika."(7)

"Tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra."(8)

Manoloana Ilay Andriamanitra masina sy marina, dia sarotra amintsika ny miaiky hoe meloka isika. Izany nefa no tena zava-misy. Raha tsy te hamita-tena isika, dia tsy maintsy miaiky fa nanao fahotana (lainga iray monja dia efa fahotana). Na dia heverintsika ho bitika aza izy ireny, dia mahatonga antsika ho mpanota meloka, mendrika ny fitsaràn'Andriamanitra.

Dia ho lasa fahavalontsika ve Andriamanitra? Dia hanenjika antsika ve ilay Mpahary antsika, mba hamotika antsika?

Aoka isika hianatra hahalala ny fihevitr'Andriamanitra momba antsika:

"Tsy hampanjombona ny tavako aminareo Aho; fa mamindra fo Aho, hoy Jehovah, ka tsy hitahiry fahatezerana mandrakizay. Kanefa kosa ekeo ny helokao, fa tamin'i Jehovah Andriamanitrao no niodinanao."(9)

Azonao tapahina ity tapakila ity ary alefa any amin'ny iray amin'ireo adiresy ao ambadika. Mariho izay mahaliana anao, ary soraty mazava etsy ambany ny anarana sy ny adiresinao.

❑ Fampianarana Baiboly maimaimpoana ❑ Testamenta Vaovao (Midiana any amin'ny Bibliothèque)

❑ Filazantsara maimaimpoana ❑ Baiboly (Midiana any amin'ny Bibliothèque)

Ho hitanao ao koa : ❑ Fampindramana boky kristiana ❑ Fivarotana boky kristiana amin'ny vidiny mirary

Soraty mazava eto ny anarana sy ny adiresy

.....

.....

.....

Gazety ara-pilazantsara mivoaka isan-telo volana. Ny hany tanjona : mampahatsiahy fa te hanana fifandraisana manokana amin'ny tsirairay Andriamanitra, ary araka ny Baiboly ihany. TSY AZO AMIDY.